

ce 25-01-21
30 PV
✓
ce 119ex
Bon 2/6



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitavahana · Tanindrazana · Fandrosoana



REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2021

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-119EX

FIFIDIANANA IREO SOLOTENA ROA (2) ATOLOTRY NY ANTENIMIERAMPIRENENA
HO EO ANIVON'NY FITSARANA AVO MOMBA NY LALAMPANORENANA NA NY HCC

Fivoriana faha-4
Natao ny
Alarobia 24 Martsa 2021
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: - Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina
- Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques

FOTOANA: Alarobia 24 Martsa 2021, tamin'ny 12 ora, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fifidianana ireo solotena roa (2) atolotry ny Antenimierampirenena ho eo anivon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana na ny HCC.

Nitohy ny Alarobia 24 Martsa 2021, tamin'ny 12 ora, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy nanambara ny fitohizan'ny fivoriana, Ramatoa Filoha dia niarahaba ny mpivory sy ireo kandida hilatsaka hofidina hisolotena ny Antenimierampirenena eny anivon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana na ny HCC ary nampahatsiahy fa izany fifidianana izany no anton'izao fivoriambe izao.

Taorian'izay, niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana ny tenany. Nanatontosa izany Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina.

Rehefa izany, mbola niangavy ny Mpitantsoratra mba hamaky ny andininy faha-114, andalana voalohany sy faharoa ao amin'ny Lalàmpanorenana, hatrany Ramatoa Filoha.

Mbola Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina ihany no nanatanteraka izany, ka toy izao no fivakiny: Andininy faha-114, andalana voalohany sy faharoa ao amin'ny Lalàmpanorenana.

Misy mpikambana sivy (9) ao amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana. Ny fe-potoana iasany dia fito (7) taona tsy azo havaozina.

Mpikambana telo (3) amin'izy ireo no tendren'ny Filohan'ny Repoblika, roa (2) fidian'ny Antenimierampirenena, roa (2) fidian'ny Antenemierandoholona ary roa (2) fidian'ny Filankevitra Ambony momba ny Mpitsara.

Rehefa izany, notsiahivin-dRamatoa Filoha, ny Didim-pitondrana laharana faha-2021-261 tamin'ny 4 Martsa 2021 izay manambara fa tapitra tamin'ny faha-12 Martsa 2021 lasa teo ny fe-potoana niasan'ny mpikambana ao amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana na ny HCC. Noho izany, manana adidy ny Antenimierampirenena hifidy olona miisa roa ho mpikambana vaovao eo anivon'io Andrimpanjakana io araka ny andinin-dalàna voalaza teo aloha.

Nomarihany koa fa tamin'ny Alatsinainy 22 Martsa 2021, tamin'ny 6 ora, hariva, teo no fepotoana farany fametrahana ny antontan-taratasy filatsahan-kofidina ho an'ireo maniry hofidina ho solotenan'ny Antenimierampirenena ho amin'izany toerana izany araka ny voalaza teo. Miisa 14 ireo nahafeno ny fepetra notakiana tamin'izany, koa ireto avy ny anaran'ireo kandida araka ny fametrahany ny taratasy filatsahan-kofidina tamin'ny biraon'ny Antenimierampirenena:

N°	Nom & Prénoms	Grade/Fonction
01	RANDRIAMAHAFANJARY Calvin	Conseiller des Services de l'Assemblée Nationale de Classe Exceptionnelle
02	RASOANORO Félicité Marie	Magistrat
03	RAKOTOARISON Faly Ravo Nome-Nanahary	Magistrat
04	RAKOTOARISOA Miadantsata Indriamanga	Magistrat
05	NOELSON William	Magistrat
06	TOMBOHAVANA Fabien	Magistrat
07	Clément JAONA	Commissaire de la loi près du Conseil d'Etat Cour-Suprême
08	MAYOU Manga	Conseillère au sein de la Cour d'Appel de Toliara
09	Général RASOLOFO Lumène	Général de Gendarmerie en retraite - SG par intérim du Ministère de la Justice
10	RASOLO Nandrasana Georges Merlin	Magistrat
11	DAHY Ioclin	Diplomate de carrière
12	IMBOLA RAMANANTSOA Jacques	Procureur de la république
13	FANOMEZA Josia Christopher	Adjoint Administratif
14	RAKOTOMAMONJY Jean Max	Ancien Président de l'Assemblée Nationale

Marihana fa tamin'ny fanononana ny anaran'ireo kandida, tsy tonga nanatrika ny fifidianana ny kandida laharana faha-8, Ramatoa MAYOU Manga sy ny kandida laharana faha-12, Andriamatoa IMBOLA RAMANANTSOA Jacques.

Rehefa izany, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fampielezan-kevitra ny mpivory, ka omena telo (3) minitra avy ny kandida tsirairay hanaovany izany.

Talohan'ny nirosoana tamin'ny fampahafantarana ny tenan'ny kandida tsirairay avy dia nangataka ny kandida JAONA Clément ny hanesorana an-daharana (disqualification) ny kandida RAKOTOARISOA Indriamanga noho izy « magistrat financier » fa tsy « magistrat d'ordre administratif » na « judiciaire » araka izay voalaza ao amin'ny andininy voalohan'ny Hitsivolana laharana faha-2001-003 tamin'ny 18 Novambra 2001. Rehefa natao anefa ny fifanazavana dia nolavin'ny Antenimierampirenena izany fangatahana izany.

Mahakasika ny fihenany isan'ny kandidà ho efitra ambinifolo (14) indray, raha iraika amby roapolo (21) izany teo aloha, dia nanazava Ramatoa Filoha fa nisy ireo nitsoaka an-daharana, ary nisy koa ny fanamboarana natao noho ny tsy fanekena ny fametrahana filatsahan-kofidian'ny olona iray amin'ny Andrimpanjakana maromaro na ny « candidatures multiples ».

Izay no antony nampihena ny isan'ireo kandidà hofidina amin'izao fotoana izao. Rehefa izany, nifandimby nomena fitenenana ny kandidà tsirairay hanao ny fampielezan-kevitra. Natao araka ny filaharana tamin'ny fitanana an-tsoratra momba ny fametrahany ny antontan-taratasy filatsahan-kofidina no nanatontosana izany.

Araka ny fanamarihana teo ambony, tsy nanao fampielezan-kevitra ny kandidà laharana faha-8, Ramatoa MAYOU Manga satria tsy tonga nanatrika ny fifidianana.

Ny kandidà laharana faha-12, Andriamatoa IMBOLA RAMANANTSOA Jacquis, kosa dia nisy solotena nanao izany ary neken'ny Solombavambahoaka rehetra ny nanatontosany izany.

Rehefa avy nisaotra ireo kandidà tamin'ny fampahafantarana nataon'ny tsirairay avy, Ramatoa Filoha dia nanambara, fa hiroso amin'ny fandatsaham-bato ny Solombavambahoaka.

Nomarihany fa arakaraka ny nanaterana ny filatsahan-kofidina no ahitana ny laharana ao anaty taratasin-datsabato. Antsoina ny anaran'ny Solombavambahoaka handroso eny anoloana haka ny taratasm-batom-pifidianana (bulletin unique), mankao amin'ny efitrano fisainana (isoloir), marihana amin'ny faritra mifanila misy ny anarana ny olona hofidina. Rehefa vita izay, alatsaka ao anaty vata mangarahara eo anoloana ny vato.

Nambarany fa ny andininy faha-93 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no hampiharina amin'izao fifidianana izao.

Latsabato miaina ihany koa no hatao ary fihodinana iray no hanatanterahana izany, ka izay kandidà roa mahazo vato be indrindra no lany. Ny zokiny no lany raha sendra misy isam-bato mitovy. Ny Solombavambahoaka iray dia mifidy kandidà miisa roa (2).

Taorian'izay, rehefa natao ny tsangan-tànana momba ny ho fizotry ny fifidianana, ny Solombavambahoaka rehetra no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nomarihany ihany koa, fa nisy ireo Solombavambahoaka tsy afaka manatrika izao fifidianana izao, ka nanao fanomezam-pahefana Solombavambahoaka hafa mba handatsa-bato ho azy araka ny voalazan'ny andininy faha-91 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Ireto avy ny anaran'ireo Solombavambahoaka nanao fanomezam-pahefana na “délégation de vote” :

DELEGATION DE VOTE

DELEGANT	DELEGATAIRE
RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry, Député élu à Toliara I	RABENIRINA Jean Jacques, Député élu à Betioky Atsimo
MOHAMAD Ahmad, Député élu à Fénérive-Est	RAZAFINDRAVONY Marifidy Christine, Députée élue à Nosy-Be
RALAMBOMANANA Fenohertsoa Député élu à Antananarivo III	RALAMBOZAFIMBOLOLONA RAZAFITSIMIALONA Andriantsivoafetra Député élu à Antananarivo V
ROILAHY Député élu à Toamasina II	RAZANADRABEARIMANANA Jacques Aurélien Député élu à Vavatenina
NAHARIMAMY Lucien Irmah Députée élue à Toamasina I	RAHELIHANTA Jocelyne Députée élue à Antsiranana I
NAKANY Charly Zafimagnely Député élu à Beroroha	PEPIN MICHOU Député élu à Ankaosoabo
SAID ZAKANIAINA Mahafaly Joseph Député élu à Soalala	RANDRIAMISA NAINA Marie Nicolas David Député élu à Mitsinjo
RATSIVAHINISOLO Andriniony Député élu à Antananarivo Atsimondrano	DONOVAN Sidonie Jimmy Gertrude Johnny Député élu à Antanifotsy
RAKOTOARISOA Rasoava Rija Jean Député élu à Ankaosoabo	RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa Député élue à Soavinandriana
ANDRIANO Giscard Député élu à Manakara	ANDRIANAMBININA Djohary Lee Député élu à Vondrozo
RANDRIAMANAMPISOA Alfred Député élu à Antsirabe II	RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Johnny Député élu à Ambohidratrimo
RAMAHERIJAONA Hajanirina Lanto Député élu à Tsiroanomandidy	RAKOTONDRAVOAVY Andrianjafinjanakolona Député élu à Arivonimamo
TSABOTOKAY Honoré Député élu à Vohipeno	VELONTSARA Paul Bert Député élu à Port Bergé
TSARADIA Marco Député élu à Ampanihy Ouest	RAZAKANDRAINY Henri Dominique Député élu à Sakaraha
IDEALSON Député élu à Ampanihy Ouest	RATSIMANDRIONA Aida Hardy Député élue à Taolagnaro
RAHANTANIRINA Lalao Député élue à Mahajanga I	RASALAMA Léon Député élu à Mahajanga II

Taorian'izay, natao ny fandatsaham-bato ary rehefa vita izany dia niroso tamin'ny fanisambato ny mpivory.

Mialohan'ny fanisam-bato anefa, niangavy Solombavambahoaka miisa telo Ramatoa Filoha, hanatanteraka izany, ka ireto avy izy ireo:

- Andriamatoa RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol (IRD)
- Andriamatoa ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina (TIM)
- Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas (GPR)

Toy izao no vokatra tamin'izany rehefa vita ny fanisam-bato:

Isan'ny Solombavambahoaka nandray anjara tamin'ny fifidianana: 147

- Vato manan-kery: 147

- Vato fotsy: 00

- Vato maty: 00

- Vato azon'Andriamatoa RANDRIAMAHAFANJARY Calvin: 09

- Vato azon-dRamatoa RASOANORO Félicité Marie: 00

- Vato azon'Andriamatoa RAKOTOARISON Faly Ravo Nome-Nanahary: 13

- Vato azon'Andriamatoa RAKOTOARISOA Miadantsata Indriamanga: 62

- Vato azon'Andriamatoa NOELSON William: 68

- Vato azon'Andriamatoa TOMBOHAVANA Fabien: 00

- Vato azon'Andriamatoa CLEMENT Jaona: 08

- Vato azon-dRamatoa MAYOU Manga: 00

- Vato azon'Andriamatoa RASOLOFO Lumène: 02

- Vato azon'Andriamatoa RASOLO Nandrasana Georges Merlin: 71

- Vato azon'Andriamatoa DAHY Ioclin: 01

- Vato azon'Andriamatoa IMBOLA RAMANANTSOA Jacques: 01

- Vato azon'Andriamatoa FANOMEZA Josia Christopher: 00

- Vato azon'Andriamatoa RAKOTOMAMONJY Jean Max: 58

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa lanin'ny Antenimierampirenena ho Mpikambana eo anivon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana na ny HCC, Andriamatoa isany:

- RASOLO Nandrasana Georges Merlin
- NOELSON William

Rehefa izany, nangataka azy ireo ampanajana hiroso eny anoloana, Ramatoa Filoha, mba ho hitan'ny Solombavambahoaka sy ny olona nanatrika ny fifidianana.

Fiarahabana azy mirahalaha tamin'ny anaran'ny tenany manokana sy ny Solombavambahoaka rehetra no nataon-dRamatoa Filoha, taorian'izay ary nirary azy ireo hahefa be amin'ny adidy goavana hosahanin'izy ireo eo anivon'io Andrimpanjakana io; izany hoe: ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana. Nitsodrano azy ireo hahavita ny adidy hiantsohan'izy ireo no namaranany ny teniny.

Nomena fitenenana koa izy ireo rehefa izany.

Andriamatoa RASOLO Nandrasana Georges Merlin, no nitondra ny fitenenana voalohany; fisaorana an-dRamatoa Filoha no nanombohany izany ary nisaotra ny Solombavambahoaka ihany koa izy nametraka ny fitokisana tamin'ny. Nanome toky ny Antenimierampirenena ny tenany, fa hanao ny asa araka ny voalazan'ny Lalàmpanorenana sady hanao ny marina ihany koa. Tokony hatoky ahy ny Antenimierampirenena, hoy izy, fa handeha tsara amin'izay ny raharaha eo anivon'ny HCC amin'izao fahalaniany izao.

Raha nandray fitenenana kosa, Andriamatoa NOELSON William, fisaorana an-dRamatoa Filoha no nanombohany izany ary nanome toky ny Antenimierampirenena izy, fa hanandratra ny HCC ny tenany. Hisy ny fiaraha-miasa matotra amin'ny Solombavambahoaka, hoy hatrany izy ary hisokatra ho an'ireo olom-boadify ny varavarany eny amin'izany toeram-piasana izany.

Nisaotra ny Antenimierampirenena ihany koa ny tenany tamin'ny nifidianana azy ho amin'izany toerana izany sady namerina, fa mahazo matoky azy ny Solombavambahoaka amin'ny fanatanterahany ny asany.

Fisaorana azy ireo tamin'ny teny nambarany no namalian-dRamatoa Filoha izany. Nisaotra ny Solombavambahoaka koa ny tenany tamin'ny nahatontosana ny fifidianana natao.

Talohan'ny hiatohan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha, ka ny Zoma 26 Martsa 2021, amin'ny 10 ora, maraina, no hanaovana ny lanonam-pamaranana ny fivoriana tsy ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2021.

Nisaotra ny rehetra tamin'ny fanatrehana izao fivoriana izao, Ramatoa Filoha, sady nanentana ny Solombavambahoaka mba havitrika hanotrana izany lanonam-pamaranana izany.

Niato tamin'ny 3 ora, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona